## ANOSIBE AN'ALA 4

# KAMIAO NIVADIKA TANATY ORAMIKIJA, MPIVADY NIARA-MATY

## MARINA IZANY ! MIADY IRERY ! 6


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7834 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 30 martsa 2024


## Tsaroako ilay"... 2

### MINA ILARION...

## "MPAMOSAVY TRATRA ANDRO" NAMAKIANA SEHATRA



## ANDRON'NY 29 MARSA 3



## MIAMPITA NY FANILO NAVELAN'IREO MPITOLONA TIA TANINDRAZANA

## TOETRY NY ANDRO FETIN'NY PASKA 10

## HIDINA NY MARI-PANA

## FITORIANA TENY AMIN'NY HCC - NIVOAKA NY DIDY 6

# NESORINA TSY HO PARLEMANTERA INTSONY RAZANAMAHASOA C. SY RAZAFIMAHEFA H.











## Tsaroako ilay"...

Mina Ilarion

# "Mpamosavy tratra andro" namakiana sehatra

*LIA Harison Dimby Tahina Zanak'i Moramanga, niakatra teto Antananarivo ny 15 septambra 2011. Mpanabe, mpampianatra, mpanoratra, mpiantsehatra, mpaka sary, arsivista momba ny literatiora, nianatra momba ny P.A.O. Manambady, manan-janaka. Mpikambana Faribolana Sandratra, sokajy soratra sy sokajy teatra. Hitantara ny fahatsiarovany amintsika ny lehilahy anio :*

**Nirehitra ny trano bozaka nilasianay sy dada**

« *Tamin'ny krizin'ny 2002 dia very asa dadanay ka tsy maintsy nanao saribao tany anaty alan'ny Fanalamanga, faritr'i Marofody Sahapetraka izahy. Tamin'izaho 11 taona tamin'izay. Manaraka an'i Dada mandeha manao charbon, mandeha tongotra amam-polo kilaometra izahay. Isaky ny faran'ny herinandro vao mody aty Picure tanàna nipetrahanay, 15 kilaometra miala an'i Moramanga raha ho aty Antananarivo. Saribao pin no natao tamin'izany, mandoto sy mampamoaka fofona amin'ny vatana raha tsy mazoto midio. Isankariva dia mody aloha aho manomana rano handroanay mianaka. Nidedadeda loatra anefa ilay afo nentina nanafana ny rano ka may tao daholo ny lamba firakotray, ny vatsy, ny vilany sy Lovia. Izaho irery rahateo no tao anatin'ilay trano, ka tsy nahafaty ilay afo. Nitomany izahay sy dada saingy nitraka foana* », hoy izy.

**Nanimba bisikiletan'olona nindramina**

Mankafy milalao bisikileta i Mina Ilarion. Mbola tsy



nahay nitaingina bisikileta anefa izy teo amin'ny faha-13 taonany. Nisy namany nanana bisikileta teo akaikiny, tany amin'ny tanany antsoina hoe Picure (toerana fanindromana omby dia lasa anarantanana). Izany hoe bisikiletan'ny dadany io fa tsy azy saingy lalaovin'izy roa lahy. « *Tsy mbola nanana bisikileta izahay tamin'izany. Niera tamin'ny namako mba hitondra ny bisikiletan'ny Dadany. Nomeny nentina. Nalaky nahay aho fa tsy hitako ny mampijanona an' ilay izy ka nadofotro tamin'ny vody hazo. Simba ilay zavatr'olona. Bedy koa ilay namako fa tsy niteny izy hoe izaho no nanimba ilay bisikileta* », hoy izy.

**Manoratra tononkalo hikotian'ny namany sipa**

« *Ny tena fahatsiarovana nanamarika ahy ihany koa dia tamin'ny kilasy fahaenina tao amin'ny CEG Antsirinala Moramanga. Efa nanoratra tononkalo izaho tamin'izany, nahay nampiady rima ary efa nomen'ny namana anaram-bositra hoe poeta tao am-pianarana tamin'izany. Mbola tsy nisy fesiboky sy telefaonina tamin'izany, fa poezia no entina hikotiana sipa kely tany ampianarana* », hoy izy. Dia miangavy azy ireo namany tamin'izany, mba hanaovana poeziam-pitiavana hikotiana sipa kely. Dia rafitra tokoa ny anao lahy manoratra karazana tononkalo. « *Dia tena nahazakan-dry zareo sipa tokoa tamin'izany ny tononkalo noforonina. Kopatanana ho an'i Fortunat sakaizako efa any am-pitandranomasina fa tena tsy maty ireny* » , hoy ihany izy.

**« Mpamosavy tratra andro » namakiana sehatra**

« *Tsiaro tsy adinoko mihitsy ny niakarako sehatra voalohany tao amin'ny CGM Analakely. "Hiratry ny kintana », Joséph Raymond Rakotomandimbiarison. Izaho no nasaina niantsa ilay tononkalo hoe Mpamosavy tratra andro, izay fanokafana ilay seho. Vao niakatra aho dia nahazo tehaka ka afaka ny tahotra. Isaorana i Tahirintsoa, mpanantonsa io seho io nahatoky ahy. Tsy adinoko ato anatin'ny sehatry ny kanto ihany koa ny niarahana tamin'i Sophie Ravelomanantsoa nandritra ny fotoana naharitra. Niaraka nitety faritra maro taminy nitondra Sombintantara (Moramanga, Toamasina, Fianarantsoa, Manakara,...) fa ny tena miavaka dia ny namakiany ny Sombintantarako hoe Ilay Sombintantarasy sisa. Nitomany be izy teny anelanelany, saika tsy vita hatramin'ny farany satria tiany, nilazany hoe kanto loatra* »,hoy izy.

**Nangonin'i Fy**

Faran'ny herinandron'ny paska

# Maro ny safidy ho an' ireo mpialavoly eto an-drenivohitra

**« Goavambe »-Coliseum Antsonjombe**

**Ceasar, Jerry Marcoss, Big MJ, Stephanie, Raouto,….**

Andro maromaro mialohan'ny fampisehoana. Niompana tamin'ny fikarakarana ny Coliseum handraisana ny mpanakanto sy ireo mpialavoly ny ekipan'ny Mi-Art'I-Pro. Efa vonona ankehitriny ny kianja, ka amin'ny alatsinainy dia voalaza fa hivoha amin'ny 7ora maraina ny vavahady ary amin'ny 9 ora dia efa raikitra ny fampisehoana sy ny lalao maro hahazoana loka maro isan-karazany. Tsy ny mpikarakara ihany anefa no nanomana fatratra hitondra ny kanto ho an'ny mpialavoly eto an-drenivohitra. Efa volana maro mihitsy ireo artista no niketrika zavabaovao hatolony eny amin'ny Coliseum amin'ny alatsinainy io. Izay ahitana an-dry Ceasar , Raouto, Jerry Marcoss, Big MJ, Stephanie, Black Nadia, Tence Mena, Rappa sy ny maro hafa.

**« Haute voltage »- Kianja Barea A. Mahamasina**

**Wawa, Elidiot, Nael, Ayam, Tekno, Sabata Andavamamba,…**

Hampiavaka ny fialamboly etsy amin'ny Kianja Barea Annexe Mahamasina, ny fisian'ny afomanga goavambe raha vao maizimaizina ny andro. Izay no fanamby apetraky ny mpikarakara ankoatra ireo mpanakanto sangany marobe hanafana ao an-toerana ka nahatonga azy ireo nisafidy ny hoe « haute voltage ». Azo lazaina fa seho goavana ankalamanjana tokana hotanterahan'i Wawa eto Antananarivo renivohitra io. Ity kintan'ny salegy ity no hahazo laka kokoa ao anatin'ity « haute voltage » ao Mahamasina ity. Ankoatra izay, tsy ho latsa-danja ireo mpanakanto hifarimbona aminy hifandimby hiaka-tsehatra ao : Elidiot, Nael, Ayam, Tekno, Sambata Andavamamba, Raouto, Black Nadia sy ny maro hafa.

**« Tsinjaka be » -Club Nautique Ivato**

**Rimka, Rijade, Ceasar, Raouto, Wawa, Black Nadia,….**

Toa ny isan-taona. Ny ekipan'ny Global Action dia miezaka mitondra fialamboly hoan'ny mponina eny Ivato sy ny manodidina. « Lundi de pâques Tsinjaka be » no anarana nampisaloran'ny mpikarakara ny fialamboly nomanin'izy ireo ho an'ny mponina eny an-toerana. Artista marobe ihany koa no hiaraka hanafana ao anatin'ity « Tsinjaka be » ity, izay ahitana an-dry Rimka, Ckicki, Rijade, Ceasar, Raouto, Wawa, Black Nadia, sy ny maro hafa. Mpanakanto samy manana ny maha izy azy avokoa ireto voalaza ireto, ary tsy mifanalavitra amin'ny fialambolin'ireo mponina eto an-drenivohitra. Marihina fa hamonjy ity fialambolin'ny mponina eny Ivato ity fotsiny no nahatongavan'i Rijade avy any Frantsa.

**Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina**

**« Mifampitantana 2024 »n'i Bodo sy Poopy**

Fito taona lasa. Izany hoe tamin'ny 2017 no nampiara-peo farany tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina i Bodo sy Poopy. Tao anatin'ny « Mifampitantana » hatrany izay hetsika izay, ka ny LiveProd no tompomarika tamin'ny fikarakarana azy. Mbola izy ireo ihany no angady nanana sy vy nahitana izao « Mifampitantana 2024 » izao. Ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina hatrany ny fotoana, rahampitso alahady 31 martsa 2024 manomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Nambaran'ny tomponandraikitra fa ezahan'izy ireo ho anisan'ny fampisehoana raitra indrindra amin'ity taona ity io. Hira 50 mahery no hiangalian'izy roa vavy ary hiray sehatra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany izy ireo miaraka amin'ny mpitendriny avy.

**Kianja Ankazo Andakana**

**Boost sy Jwks, Meick, Dry Oh , fifidianana « Miss et Mister »**

Hiavaka ihany koa ny fialamboly eny amin'ny kianja Ankazo Andakana ny alatsinain'ny paska izao. Manomboka maraina ny hetsika hotanterahan'ireo artista azo lazaina fa vao misandratra ireto. Jwks sy Boost ary Meick no hanafana ny fotoana amin'ireo vazony, fa i Dry oh sy ny ekipa mpandihiny kosa no hiangaly ny soradihy isan-karazany. Ankoatra izay, hisy ny fifaninanana izay tompondakan'ny Hatsaran-tarehy eny antoerana, izay karakarain'ny Family Agency. Izay hoe tafiditra anatin'ny hifaninanana « Miss et Mister îles verte Madagascar ». Tokony hiomana amin'ireto fitafiana ireto izay tanora eny an-toerana liana amin'izany : gasigasy, lambampety, fanamiana fitondra amin'ny fanatanjahantena. Hisy ihany koa fifaninanana dihy ho an'ny tarika iray misy olona 3 farafahakeliny.

**Nangonin'i Fy**

Tarika Rebika-35 taona

# Hanolotra fety be etsy Antsahamanitra ny Alatsinain'ny Paska

Nahasarika ny fon'ny Malagasy mpankafy ny kanto sy mozika, indrindra ny tanora ny mozikan'ny tarika Rebika. Nitondra azy ireo ho isan'ny mpanakanto malaza eo amin' ny sehatry ny mozika eto amintsika izany. Hanolotra fety be tsy manam-paharoa etsy Antsahamanitra izy ireo ny Alatsinain'ny Paska izay hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro hanamarihan'izy ireo ny tsingerintaona faha-35 niakarany an-tsehatra. Manohana ity hetsika ity ny orinasan-tserasera Airtel Madagasikara. « Ngeza mankadiry », io no lohahevitra entin'ny Airtel Madagasikara manamarika izany « *Ngeza satria mifono fahasamihafana lehibe ho fanomezana fahafaham-po ny mpankafy sy ny tarika Rebika*», hoy Tsanta Rakotomananjara, tompon' andraikitry ny fifandrasaiana eo anivon'ny Airtel Madagasikara. Nanome toky ihany koa ny Lax Pro izay mpikaraka ny hetsika fa « *hafa noho izay efa hita hatrizay ity fampisehoana tokana ity* ». Hanatantara eo amin'ny tontolon' ny seho an-tsehatra ny hetsika satria Alatsinain'ny Paska io, afaka miaraka daholo ny fianakaviana manontolo eny fa na dia hatramin'ny ankizy aza satria nezahin'ny mpikarakara ho an'ny sokajin-taona rehetra ny seho. Ho avy ao daholo ihany koa ny mpikambana mandrafitra ny tarika Rebika amin'io fotoana io raha ny fanazavana. Tsy hisy vahiny nasaina manokana, tsy misy ihany koa ny fiantoana fa mitohy mandra-pahavitan'ny hira 60 izay efa voaoman'izy ireo hatolotra ho an'ny mpankafy. Aharitra eo amin'ny adim-pamantaranandro 5 na mihoatra ny fampisehoana raha ora 2 mahery kely no mahazatra. « *Notsongaina manokana tamin'ireo hiran' ny tarika mihitsy ireo ny hira hatolotra ny mpankafy amin'ity fampisehoana ity misy ny hira vaovao fa eo hasongadina kokoa ireo hira nahafantarana ny tarika hatrizay*» hoy Nix.



Fanomezana fahafaham-po ny mpankafy sy ny tarika Rebika ny fanohanan'ny Airtel ny hetsika.

**Nangonin' i Tiaray R**

## Andron'ny 29 Marsa

# Miampita ny fanilo navelan'ireo mpitolona tia Tanindrazana




Tsangambaton'ny maherifo ao Moramanga.



Ny Filoha Rajoelina nandrehitra ny afo tsy maty ho mariky ny fanilon' ny Fitiavan-tanindrazana.

*"Ny fitiavan-tanindrazana no fototry ny fampandrosoana"* : io no loha-hevitra nosafidiana nanamarihana ny andron'ny 29 Marsa, faha-77 taona nitsingerenan'ny tolom-panafahana an'i Madagasikara. Hetsika maro lafy no nanamarihana izany manerana ny Nosy. Anisan'ny ivon'ny fahatsiarovana kosa ny tetsy amin'ny fasan'ny mahery fo, Mausolée teny Andrainarivo,omaly. Ny filoha Andry Rajoelina, no nitarika ny fametrahana fehezam-boninkazo teo amin'ny fasan' ny mahery fo. Nanotrona izany ny Minisitry ny Foloalindahy ny jeneraly Sahivelo Monja Delphin sy ny Minisitra Delege miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny jeneraly Rakotondrazaka Andry ary ireo lehiben'ny andrim-panjakana isantokony, nahitana ny filohan'ny fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana, ny filohan'ny antenimierandoholona, manamboninahitra ambony maro. Mialoha ny lanonana dia noredonina ny hira fanevan'ny mpiady tia tanindrazana, "Madagasikara tanindrazanay", nataon'ireo tanora avy ao amin'ny taninketsan'ny fanilon'i Madagasikara 1947. Nisy ny fanolorana ny sainam-pirenena ho an'ireto tanora fanilo sy dimbin'ireo mahery fo. Narahin'izy ireo tononkalo manamarika ny fanamarihana ny andron'ny 29 marsa. Taorian'izay dia niroso tamin' ny fanolorana solombodiakoho ho an'ireo bekotro maro holatra akanga sisa nanamborana tamin'ity tolona ity ny Filohan'ny repoblika.

### Tolom-panafahana

Miampita ny fanilo navelan'ireo malagasy mpitolona tia tanindrazana. Mbola nanamafy izany ihany koa ny filoham-pirenena nandritra ny lahateniny fa zava-dehibe ny loatra ny tolom-panafahana, satria ny tolom-panafahana no nahafahantsika niroso nahazoana ny fahaleovantena. *« Tsy eken-tsika ho rabirabiana, ho hitsakitsahina, atao tsinotsinona, ny tolona rehetra izay natao teto amin'ny Firenena ity satria ny aina nafoy teto, nisy fikasana ny handroso any amin'ny soa kokoa teto, ka izay no teneniko hoe ny fitiavan-tanindrazana dia zavatra sarobidy loatra amiko. Raha mahakasika Ahy manokana tsy misy olona afaka hanosihosy , tsy misy olona afaka hanala ny fitiavan-tanindrazana izay ao am-poko, ary izay indrindra no hanolorako ho anareo ry tanora taranaka mpadimby ny tolom-panafahana izay natao tamin'ny 1947 , dia hatolotro ho anareo ity fanevan'ny fitiavan-tanindrazana ity, ho marikin'ny fanamafisana sy fanomezana hasina ny ady sy ny tolona izay natao teto amin'ny Firenena. Noho izany dia raiso ity fanevampirenena ity hamelo-maso ny hambompom-pirenena ary mba tsy ho afaka ao amponareo anie ny fitiavantanindrazana izay mamalantsika »* : hoy ny Filoha Andry Rajoelina.

### Moramanga

Ny Minisitry ny Foloalindahy ny jeneraly Sahivelo Monja Delphin sy ny Minisitra Delege miadidy ny Zandarimariam-pirenena, ny jeneraly Rakotondrazaka Andry ary Minisitra vitsivitsy kosa no tonga tao Moramanga, ho fanomezam-bonahitra ny andron'ny 29 Marsa omaly. Mba ho mariky ny fanamafisana sy fanomezana hasina ny tolona nataon'ny malagasy teo aloha dia natolotra an'ireo tanikentsa ny Fanilo ho fanevan'ny fitiavan-tanindrazana. Ireo ankizy no nandray izany, izay anisan'ny hoavin'ny taranaka faramandimby ary hitondra avo ny Fanilo miampita. Mialoha io dia niroso tamin'ny fametrahana fehezam-boninkazo teo amin'ny tsangambaton' ny mahery fo ao Moramanga ny Minisitry ny Foloalindahy ny jeneraly Sahivelo Monja Delphin. Tsiahivina fa ady, tolona, rà latsaka, aina nafoy tao anaty alahelo sy tomany nefa koa tamim-pahavononana sy fahasahiana tanteraka no niainana sy natrehan'ireo Ray amandReny mahery fon'ny Malagasy raha nanohitra sy nifampitàna tamin'ireo frantsay mpanjana-tany. Sahy nijoro nifanandrina tamin' ireo fahavalo mpananibohitra na dia azo lazaina fa atody niady amam-bato ihany aza nanoloana ny fitaovana hari-fomba nampiasain'ireo mpanjana-tany tamin'izany andro izany.

**Nangonin'i Deyland**




Fametrahana fehezam-boninkazo teny amin'ny fasan'ny maherifo " Mausoleé ".



Ireo bekotro maro holatra, mpiady tia tanindrazana ao Moramanga.



Ireo lehiben'ny Foloalindahy nanamarika ny fankalazana ny andron' ny 29 Marsa tao Moramanga.


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...
Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-20)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-9)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 791/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 791/6-4)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 791/6-4)

Anosibe An'Ala

# Kamiao nivadika tanaty ora-nikija, mpivady niara-maty

*Voalaza fa nikasa hamono tena ihany koa ilay mpamily raha nahita ny zava-nitranga.*



Ilay kamiao trà-doza!

Lozam-pifamoivoizana nahatsiravina ihany koa ity nitranga tamin'ny làlana mampitohy an'i Moramanga sy Anosibe An'Ala ity ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Fiarabe mpitatitra entana iray no nivadika teo amin'ny tetezan-kazo iray, tokony ho valo kilaometatra tsy hiditra ny tanànan'Anosibe An'Ala. Vokany, olona roa izay mpivady no niara-namoy ny ainy tao. Naratra ihany koa ilay mpamily sy ny mpanampy azy. Araka ny fanazavàna azo, tena nikija be ny orana tany an-toerana tamin'io ary saika nanerana ny tapany atsinanan'ny Nosy rehetra iny izany. Tamin'izany indrindra no niseho ny loza satria noho ny oram-be nivatravatra dia mila tsy ho tazana intsony ny làlan-kombàna. Ka raha hiditra ilay tetezan-kazo iny indrindra ilay fiara no lasa tany amin'ny sisiny ka nivadika ary latsaka tany anaty hantsana lalina tokony ho sivy metatra. Entam-barotra ny tao anatin' ilay kamiao, izay potika sy lenan'ny orana avokoa.

**Niangavy**

Raha ny fanazavàna hatrany dia nambaran'ilay mpamily sy ny mpanampy azy fa nandeha an-tongotra avy any Moramanga hihazo an'Anosibe An'Ala izy mivady ireto no tojo azy ireo teny an-dàlana. Sady tratry ny orana no efa tena reraka ilay ramatoa ka niangavy tamin'ny mpamily mba hitondra azy ireo kanjo izao trà-doza izao ary niafara tamin' ny fahafatesan'izy mivady izany. Voalaza fa nikasa hamono tena ihany koa ilay mpamily raha nahita ny zava-nitranga saingy tsy maty ka nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha.

**R.C**

Fakàna an-keriny tany Anjozorobe

# Renim-pianakaviana 2 mbola any am-pelatanan' ireo jiolahy

Efa ho herinandro teo izay no nitazonan'ireo jiolahy mpaka an-keriny ireto renim-piakaviana roa nalain'izy ireo tao Belanitrakely, fokontany Bemandotra, kaominina Androvakely, distrikan'Anjozorobe ny alin'ny Alahady lasa teo. Hatramin'izao dia mbola tsy nahazoam-baovao ny momba ireo olona nalain'ny jiolahy an-keriny ireo. Mbola tsy nisy ihany koa ny fitakiam-bola natao tamin'ny fianakaviana raha ny vaovao voaray hatrany. Efa samy nahazoazo taona avokoa ireo renim-pianakaviana ireo satria enina amby enimpolo taona sy fito amby dimampolo taona. Raha tsiahivina, andian-jiolahy nirongo fiadiana no nanafika ny tanàna tamin'io. Nirefodrefotra ny basy teo an-tanàna ka nandritra izany no nakan'ireo jiolahy an-keriny ireto vehivavy ireto. Efa eo ampanaovana ny fanadihadiana sy ny fikarohana moa ny mpitandro filaminana any an-toerana amin'izao.

**Voasambotra**

Tsy hay na misy ifandraisany amin'ity tranga ity na tsia fa jiolahy mpaka an-keriny iray no hitan'ny fokonolona niriaria tao Mangarivotra, fokontany Ambavasambo, distrikan' Anjozorobe ny Talata lasa teo. Nampiahiahy ny mponina avy hatrany ny fihetsika ka nampandrenesina haingana ny zandary avy ao amin'ny borigady Brieville. Fotoana fohy taorian'izany dia tonga ny zandary nisambotra ity jiolahy mpaka an-keriny ity. Tanàna manasaraka ny distrikan' Anjozorobe sy ny faritra Betsiboka moa io tanàna nahatratrarana ity jiolahy ity io. Mitohy ny fikarohana ireo namany.

**R.C**

Andramasina

# Nirefodrefotra ny basy, jiolahy 4 lavon'ny zandary

Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireto andian-jiolahy ireto sy ny zandary tao Antampon'Andranomitrena, fokontany Antoho, kaominina Alatsinainy Bakaro, distrikan'Andramasina ny Alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 6ora maraina. Nirefodrefotra ny basy. Bala iraika ambin'ny folo no fantatra fa lanin'ireo jiolahy nifampitifirana tamin'ny zandary. Vokany, jiolahy efatra no lavon'ny balan'ny zandary. Tafatsoaka kosa ireo namany. Araka ny fanazavàna azo, niainga tamin'ny fahatratrarana jiolahy iray ny raharaha, izay nampihorohoro tao anatin'ny distrikan' Andramasina tamin'ny halatr' omby sy fanafihana mitampiadiana. Rehefa nofotorana io dia nanondro ny namany valo hafa. Niroso tamin'ny fikarohana ireo jiolahy ireo avy hatrany ny zandary avy ao amin'ny borigadin' Andramasina.

**Efa nandrasany**

Toa efa fantatr'ireo jiolahy anefa ny fiavian'ireo zandary ka efa nandrasany fotsiny. Vao nigadona tao amin'ilay toerana voalaza ho fieren 'ireto jiolahy ireto ny zandary dia raikitra ny tifitra variraraka nataon'ireo. Namaly tifitra ihany koa ny zandary ka tamin'izany no nahavoa azy efa-dahy ireo satria tsy nifampitsitsy mihitsy ny roa tonta. Mbola mitohy hatrany moa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo jiolahy efatra tafatsoaka amin'izao. Raha ny fanazavàna hatrany dia efa maro ny asa ratsy vitan'ireto andian-jiolahy ireto tao amin'ny distrikan'Andramasina, izay nampitondra faisana ny mponina mihitsy.

**R.C**

## TATSY SY TAROA

**# Nitrangana lozam-pifamoivoizana nahafatesan'olona ihany koa tao Betafo amin'ny làlam-pirenena faha-34 iny** ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 7ora sy sasany alina. Araka ny fanazavàna, fiara sprinter fourgon iray avy aty Antananarivo ho any Miandrivazo nitondra vaingandranomandry no nivadika rehefa afaka ny tetezana Ikotopiana, kaominina Antohobe, distrikan'i Betafo. Raha ny fanazavàna dia noho ny fahavakisan'ny kodiarana no nahatonga ny loza. Maty tsy trà-drano tamin'izany ny mpamilin'ilay fiara ary naratra ireo namany roa lahy.

**# Tovolahy iray avy nanendaka teo Andranomadio-Antsirabe no nifanenjehan'ny fokonolona** ny harivan'ny Talata lasa teo. Nifanehatra tamin'ny zandary mpanao fisafoana io ka tratra ihany. Mbola hita teny aminy ilay findain'olona nangalariny. Voalaza fa tovovavy iray no nendahiny tamin'io ka lasany ny finday saingy efa tafaverina amin'ny tompony ihany izany.

**# Omby fito nampiahiahy no saron'ny zandary tao amin'ny kizon'i Bekorobo,** fokontany Mahareraka, kaominina Bekapaika, distrikan'i Tsaratanàna ny Talata lasa teo tokony ho tamin'ny 5ora maraina. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahatratrarana ireo omby ireo. Tsy mbola fantatra kosa ny tompony. Efa mandeha ny fanadihadiana ataon'ny zandary.

**# Tovolahy iray indray no trà-tehaky ny zandary teny amin'ny kaominina Ambohitrimanjaka** ny Alarobia lasa teo. Nanaovan'ny zandary vela-pandrika izy ka tsy afa-niala intsony. Mbola nahatratrarana rongony valopolo fonosana tany aminy rehefa nosavaina.

**R.C**

Ankilizato

# Taksibrosy nivadika, ankizivavy 15 taona maty

Ankizivavy iray sahabo ho 15 taona no namoy ny ainy nandritra ny lozam-pifamoivoizana niseho tao Ambavaloza fokontany Andimaky, kaominina Ankilizato distrikan'i Mahabo faritra Menabe, tamin'ny alakamisy teo. Mpandeha am-polony hafa kosa naratra ary ny 3 amin'ireo no tena voa mafy. Raha zohina dia taksibrosy mampitohy an'Antananarivo sy Morondava ity niharan-doza ity, rehefa nifanenana tamin'ny fiara iray sendra azy. Somary ratsiratsy ny fifananatrehan' ireo fiara roa ireo. Niezaka nifehy niala izany ilay mpamily taksibrosy saingy mbola niala ny lalana ary nivadibadika ilay fiara, sady nivarina an-kady. Nitondra mpandeha miisa 17 io fiara zotra nasionaly io, avy amin'ny koperativa « Soa Trans ». Raha ny angom-baovao dia potika tanteraka ny ilany ankavian'ilay taksibrosy vokatry ny fianjerany. Nentina notsaboinaao amin'ny hopitaly CSB Malaimbandy ireo naratra rehetra. Ny vatana mangatsiakan'ilay namoy ainy koa efa nalain'ny fianakaviany.

**Deyland**

## MANAL'AZY DE MI'MEME






**Orange** dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo **maison digitale 40** manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny **fahaleovan-tena ara-bola**.

GCL 775/15-12

orange™

Namoaka didy ny HCC

# Nesorina tsy ho parlemantera intsony ry Christine Razanamahasoa sy Herimanana Razafimahefa





*Filohan'Andrimpanjakana roa izany no indray naongana tamin'ny fomba mihaja.*

Tao anatin'ny ora vitsivitsy izany no nandinihan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana ireo antontan-taratasin'ady sy ny fiarovana, mahakasika ny raharaha fanalàna ny filohan'ny Antenimieram-pirenena tsy ho solombavambahoaka intsony. Fitsarana izay marihina fa natao an-pahibemaso, araka ny nambaran'ny filohan'ny HCC ary tsy natrehin-dRtoa Razanamahasoa Christine sy ny mpisolovava azy, noho ny antony izay nambaran'itsy voalohany fa tsy manara-dalàna. Ankoatra izany, anisan'ny nesorina tsy ho loholona ihany koa ny filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha, Herimanana Razafimahefa, tamin'ny alalan'ny « arrêt N° 04-HCC / AR, tamin'ny 28 marsa 2024 ». Antony, raha ny voarakitra ao amin'ny didy dia taorian'ny taratasy mitondra ny laharana 001-2023/ SENAT / PDT, tamin'ny 17 oktôbra 2023, mangataka ny hanalàna azy tsy ho loholona, andaniny. Ary ankilany, ilay taratasy fametraham-pialàna nataon' io filohan'ny andrimpanjakana teo aloha io, tamin'ny 8 septambra 2023 izay voalaza fa nohamafisiny ny 13 septambra, tamin'ny taondasa. Raha hiverenana ny raharaha mikasika an-dRtoa Christine Razanamahasoa, tonga teny Ambohidahy ara-potoana io filohan'ny Antenimieram-pirenena io sy ny mpisolovavany ary nametraka taratasy tao amin'ny HCC, mialohan'ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety, nanamarihany fa tsy manara-dalàna ny fitsarana.

### Tsy nahazo valiny nahafa-po

Tsiahivina fa anisan'ny nanotrona ny filohan'ny Antenimierampirenena izay samy nanao samboady ny depiote voafidy tany amin'ny distrikan'Ambatondrazaka Fidèle Razara Pierre; ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriborintana voalohany eto an-drenivohitra Hanitra Razafimanantsoa; ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany fahaefatra Rahasimanana Paul Bert ; ny solombavambahoaka voafidy tany Ampanihy Keron Idealson ; ny solombavambahoaka voafidy tany amin'ny distrikan'Antanifotsy, Narson Rafidimanana... Raha tamin'ny 14ora sy fahefany mantsy no nanomboka ny fitsarana ny fitoriana napetraky ny filohan'ny vondrona parlemantera IRD, Velonjara Paul Bert dia adiny iray taty aoriana dia nifarana izany. Mpitsara avo roa: ihany no nametraka fanontaniana tamin'ny mpisolovavan' ny mpitory izay tsikaritra ho tsy nahazo valiny nahafa-po. Ny fanontaniana voalohany ohatra dia voatery naverin'ny mpitsara avo, tamin'ny fomba hafa ny fametrahana azy. Ankoatra izay, mbola nandrasana ny fametrahan' ny mpisolovavan'ny mpitory ny dosie mirakitra marina ny fandikan-dalàna heverin'izy ireo fa nataon'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena ka nahatonga ny filohan'ny vondrona parlemantera IRD nitaky ny hanalàna azy tsy ho solombavambahoaka

### Tsy nahasakana ny famoahana didy faran'izay haingana!

Raha tamin'ny 3 ora sy folo no nifarana ny fitsarana teny Ambohidahy, adiny dimy eo ho eo aty aoriana dia efa nivoaka teny amin'ny tambazotra sôsialy ny filazana fa nesorina tsy ho solombavambahoaka Rtoa Razanamahasoa Christine, tamin'ny alalan'ny « arrêt N°05-HCC / AR, datin'ny 28 marsa 2024 ». Marihin'ny andininy voalohany amin'io didy io fa azo raisina ny fitoriana napetraky ny filohan'ny vondrona parlemantera IRD, Velonjara Paul Bert na dia efa tsy vitsy ny mpahay lalàna no nanamarika fa tsy ara-dalàna izany, noho ny filohan'ny Antenimieram-pirenena efa nesorin' ny IRD tsy ho mpikambana ao amin'io vondrona pôlitika io. Noho izany tsy tokony hampiharina aminy ny andininy faha-72 n'ny lalampanorenana. Ankoatra izay, nambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena ihany koa fa tsy manaradalàna ny 48 ora nomen'ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana azy hiarovany tena satria 30 andro no omen'ny lalàna, ary manana 15 andro avokoa ny andaniny sy ny ankilany. Trangan-javatra hanamafisana fa nihazakazahana ny famoahan'ny teny Ambohidahy ny didy nanalàna an-dRtoa Christine Razanamahasoa tsy hbo solombnavambahoaka intsony. Manoloana izany dia manitikitika ny fanontaniana hoe baiko ve sa nisy hamehana?

**V.R.**

## Marina izany !

### Miady irery!

**Ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka, vokatry ny fandalovan'ny rivodoza " Gamane " sy ny takaitra navelany ny mpiray tanindrazana amintsika any amin'ny faritr'i SAVA sy DIANA ary Analanjirofo. Olona 6 no namoy ny ainy ka ny 3 tany Maoantsetra ary ny 3 hafa tany Toamasina sy Vavatenina ary Mananara Avaratra, araka ny tatitry ny birao misahana ny loza voa-janahary. Ankoatra ireo, olona 1 tsy hita popoka ary maherin'ny 2600 no tsy hita popoka. Tsy resahina intsony ny fotodrafitrasa sy ny kojakoja an-tokatrano ary ny fiompiana difitry ny trano, noho ny ranon'orana be loatra. Marina fa misy amin'ireo tsy manan-kialofana no efa napetraka amin'ny toerana itambarambe sy voaaro, saingy ny ankamaroan'ny niharam-boina dia mitoreo ho miady ireny sy tsy misy mpiahy. Hany ka ny samy olompirenena no mifanavotra sy manavo-tena, manoloana ny rano miakatra. Hatramin'ny omaly mantsy dia tsy dia hita loatra ny ezaky ny tompon'andraikitra isan-tokony midina ifotony, farafaharatsiny mijery ny zava-misy sy mihaino ny vahoaka, mialoha ny hanomezana vahaolana. Tsy hita loatra ihany koa ny fanetsehana mpitandro filaminana maro sy ny fitaovana samihafa hanamaivanana ny fahasahiranan'ireo niharam-boina. Asa noho ny izy ireo lavitr'Andriana ve ? Ny eto an-drenivohitra manokana, raha ny zava-nisy tato anatin'ny valo amby efapolo ora no resahina dia ny pôlitika, hanilihana ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha no mafotaka, ankoatra ny fanomanana ny fanamarihana ny faha fito amby fitopolo taonan'ny 29 marsa, izay tsikaritra ho miteraka adihevitra, eo amin'ny samy mpanao pôlitika tsy mitovy firehan-kevitra.**

Voahangy Rakotozafy

Sesilany ny fanendrena tompon'andraikitra ambony

# Voatendry ny governora mpisolo toerana dimy

Toy ny mateti-pitranga dia sesilany ny fanendrena tompon'andraikitra ambony, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra farany teo. Saika voakasika'izany avokoa ny minisitera rehetra. Ho an'ny minisiteran'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanajariana ny tany manokana dia voatendry ireo minisitera mpisolo toerana 5 ka Rabevazaha Marie Annick no any Analanjirofo ; i Sabire Jerôme no any Betsiboka ; Ramanankirahina Jean Noël no any Melaky ; Ramarosandratana Daniel no any amoron'i Mania raha i Solofoniaina Rajaobelina Aristide Gérard no any Atsimo Andrefana. Ankoatra ireo, nisy fanendrena tompon' andraikitra ambony ao amin'ny minisiteran'ny filaminambahoaka raha tsijaritra ho mbola tsy nisy izany hatramin'ny nahatafapetraka ny minisitrampiahy, noho ny antony dia mbola nahazoam-baovao mari-pototra. Voatendry ho tale misahana ny maha olona ny Contrôleur Général de Police Marinjaha Vavitafika Vololonandro ; talen'ny fikarohana sy ny fanofanana mitohy ny Commissaire Divisionnaire de Police Rasoamananjara Pierrette Marie Françoise ary talen'ny rafitra fizaram-baovao ny Commissaire de Police Randriamanohisoa Tovohery Hajanirina.

**V. R.**

Fanapahana noraisin'ny HCC

# Nampitombo ny ahiahin'ny mpanao politika ivelan'ny fitondrana

Efa nampoizina ! Sesilany ny fanehoan-kevitra politika nentin'ireo mpanao politika ivelan'ny fitondrana taorian' ilay fanapahan-kevitra noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana nanesorana an-dRtoa Christine Razanamahasoa sy Ing. Herimanana Razafimahefa tsy ho mpikamban'ny fehefana mpanao lalàna intsony. Raha fintinana, nampitombo ny ahiahin'ireo mpanao politika eo anivon'ny fianakaviamben'ny mpanohitra amin'ny mety hitanilanan'io Andrimpanjakana io amin' ireo asany miandry azy any aoriana, indrindra ny fitsarana ny fifidianana solombavambahoaka ho tanterahina eto amin'ny firenena amin'ny 29 May izao izany. Tsy nivilivily ohatra ireo mpamakafaka politika eo anivon'ny Miara-manonja raha nilaza omaly fa miharihary tamin' ireny fanapahan-kevitra navoakan'ny HCC farany teo ireny ny finiavan'io Andrimpanjakana io hiaro tombontsoan'olona manokana, izay efa tsikariny hatrany am-piandohana.

### Krizy politika

Tsy nifanalavitra tamin'izany ny tenin'ny depiote Todisoa Andriamampandry, izay nanatrika mivantana ny zava-nitranga nandritra ny fotoam-pitsarana teny Ambohidahy tamin'ny alakamisy teo mihitsy. « Itantsika tamin'ireny fa tsy azo antoka sy mitongilana ary mandray fanapahan-kevitra tsy araka ny lalàna ny HCC…Raha ny fijeriko azy manokana dia tetika hambolena korontana sy disadisa eto amin'ny firenena ireny fanapahan-kevitra ireny. Ny tanjona, dia ny hahatezitra ny vahoaka sy ny hisian'ny krizy politika hitarika ny fanemorana ny fifidianana solombavambahoaka. Efa resilahatra mantsy ireo olon'ny fitondrana ireo fa tsy ho lany sy tsy hahazo maro an'isa eny Tsimbazaza intsony izy ireo », hoy io olomboafidy teny Ambohimanarina io tamin'izany.

**Mamy R.**

Firotsahan-kofidiana Solombavambahoaka

# Misy Kandidà terena handoa 1 tapitrisa Ar vao homena ny 211 bis

*Mampalahelo ny zava-misy, hoy ireo olona manam-piniavana hampandroso ny Distrika misy azy.*

Isan'ny antontan-taratasy takiana amin'ny filatsahan-kofidiana amin'ny fifidianana Solombavambahoaka amin' ny 29 mey 2024 ho avy izao ny 211 bis na ilay taratasy fanamarinana avy amin'ny fitantanana ny hetra. " Aty amin'ny Distrikanay izao dia niteny ny tomponandraikitry ny fanomezana ny 211 bis fa raha tsy mandoa vola 1 tapitrisa Ariary ny Kandidà izay hirotsaka Solombavambahoaka dia tsy homena an'io 211 bis io", hoy ny Solontenana Kandidà hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka iray taminay izay any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana iny. Mampalahelo ny zava-misy, hoy ireo olona manam-piniavana hampandroso ny Distrika misy azy ny afitsok' ireo tomponandraikitra sasany fa mila mandoa



**Miantso ny CENI hamoaka fanambarana hanamorana ny fanamboarana sy fanomanana ny taratasy filatsahan-kofidiana ireo Kandidà hirotsaka ho Solombavambahoaka maro.(Tahirin-tsary)**

5 isanjaton' ny 20 tapitrisa Ariary izay "caution" vao mahazo ny 211 bis. "Efa mandany vola izahay amin'ny famitana ny taratasy rehetra firotsahan-kofidiana kanefa mbola iharana kolikoly ihany koa. Mampalahelo ny fomba fisainana'', hoy kosa ny Kandidà hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka iray hafa. Ny 211 bis moa dia momba ireo fepetra takiana lalàna ahafahana mirotsaka ho fidiana ho Solombavambahoaka ( and 8 amin'ny lalàna fehizoro 2018-010). Raha ny loharanom-baovao marim-pototra azoanay ihany koa ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra tamin'ireo Kandidà hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka mikarakara ny taratasy maha-teratany Malagasy na ny " certificat de Nationalité" Malagasy fa 10.000 Ar ny iray kanefa telo na efatra no ilaina amin' izany hamenona ny "dossiers". "Lasa misy fanararaotana mitranga amin'ny fanomanana ny fifidianana hatrehanay no misy. 2000 Ariary anefa izany isana'andro", hoy ny Kandidà Solombavambahoaka vehivavy iray izay efa nahavita ny antontantaratasiny. Marihana fa any amin'ny Faritra sasany dia tsy misy Ilana raha ny fakana ny antontan-taratasy ho firotsahan-kofidiana ho Solombavambahoaka saingy hatreto ny saika itovizan'ny manerana ny Nosy dia tsy mbola nahazo baiko hamoaka na hanome 211 bis ny ankamaroan'ny fitantanana ny hetra maro ka tsy afamanoatra ireo Kandidà ho Solombavambahoaka. Notsipihan'ny maro tamin' ireo farany fa lasa hasarotina ny fahazoana ny antontantaratasy filatsahan-kofidiana. Fantatra fa hatreny amin'ny Bianco na CED dia voafetra ny taratasy atao dika mitovy azon'ny Kandidà iray alaina fa tsy maintsy mampanao "photocopie" izay mila roa na telo amin'ilay taratasy fanambaram-panana. Miantso ny CENI hamoaka fanambarana hanamorana ny fanamboarana sy fanomanana ny taratasy filatsahan-kofidiana ireo Kandidà hirotsaka ho Solombavambahoaka maro manerana ny Faritra maro.

**HAR**

Fahatsiarovana ny 29 Marsa 1947

# Tazana teny amin'ny Mausolée ny mpanohitra



Ankoatra ireo mpitondra fanjakana sy ny foloalindahy malagasy dia tazana teny Mausolée nanatitra fehezamboninkazo ho mari-pahatsiarovana ireo mpiray tanindrazana amintsika namoy ny ainy sy nitolona ho an'i Madagasikara nandritra ny raharaha 29 Marsa 1947 ny mpanohitra mivondrona eo anivon'ny Kôlekitifa an'ny Malagasy. « *Ady ho an'ny fahafahan'i Madagasikara sy ho an'ny fiandrianam-pirenena no tena notakiana tamin'izany ary mbola tsy vita fa tohizana hatramin'izao izany ady izany. Manana adidy hamita ny tolona efa natomboky ny ray aman-dreny sy ireo mahery fo isika ankehitriny. Ka mila mitsangana, mijoro mba tsy ho raraka an-tany fotsiny ny rà maro latsaka tamin'izany* », hoy Ing. Andry Raobelina, filoha mpiara-mitantanana eo anivon'io Vondron'ny mpanohitra io taorian'izany. Hita teny an-toerana tamin'izany ry Hajo Andrianainarivelo, ry Jean Jeacques Ratsietison, ry Tahiana Razafinjoelina ary Andry Raobelina, izay samy nitondra akanjo fotsy avokoa.

**Mamy R.**

Andry Rajoelina

# Hampitomboina ny fifandraisana ara-barotra ao amin'ny " AGOA "

Anisan'ireo firenena dimy tsara toerana i Madagasikara ao amin'ny « AGOA » ary nahavita nanondrana betsaka indrindra tany Etazonia nanomboka tamin'ny taona 2021. Io no nivoitra nandritra ny fivoriana niarahan'ny filoha Rajoelina niaraka tamina delegasiona an'ny mpikambana ao « Ways and Means Committee » na « Commission voies et moyens » ao amin'ny Kaongresy Amerikanina , tamin'ny alakamisy teo. Mikasika ny « AGOA » no niompanan'ny resaka nandritra ity fivoriana tao Iavoloha ity. Raha tsorina dia mitety ireo firenena aty Afrika izay misitraka ny « AGOA » ireo mpikambana ao amin'ny Kaongresy Amerikanina ireto. Firenena 5 no tsidihin' izy ireo aty Afrika ka avy ao Maorisy izy ireo, izao tonga eto Madagasikara izao. Miisa 8 ny delegasiona tonga eto an-toerana,tarihin'i Jason Smith. Zava-dehibe ho an'i Madagasikara ny « AGOA » satria ankoatra ny fanamafisana ny fifandraisana amin' ny Etazonia dia misy tombony ara-barotra sy ara-ekonomika lehibe ihany koa . Tao anatin'ny 5 taona farany dia anisan'ireo firenena 5 sangany sy tsara toerana amin' ireo firenena 39 misitraka ny « AGOA » i Madagasikara. Izany hoe nahavita nanondrana entana betsaka indrindra tany Etazonia isika tamin' ny alàlan'ny « AGOA ».

**200 tapitrisa dolara**

Nasongandin'ny Filoha Rajoelina fa noho ny fahaizamanaon'ireo mpiasa malagasy no nazahoana io toerana io. Izany koa dia entin'i Madagasikara mandresy lahatra an'i Etazonia amin'ny fitohizan'ny fisitrahan'i Madagasikara izany ary ampitomboina ny tahan'ny entana haondrana. Tsara ho marihina fa hanao tombana ny zava-tsoa sy ny tombony entin'i « AGOA » ho an'i Madagasikara, eo amin'ny lafiny toe-karena sy ny ezaka fampandrosoana no antondian'ireto vahiny ireto. Raha fehezina amin'ny tarehimarika dia mihoatra ny 200 tapitrisa dolara ny tahan'ny fanondranana entana mankany Etazonia ny taona 2023. Ary mihaotra an'izay ihany koa ny fidiram-bola vahiny na ny « devises » nampidirana amin'ny kitapombola-panjakana.

**Nangonin'i Deyland**



**Fihaonan'ny filoha Andry Rajoelina, niaraka amin'ny mpikambana miisa 8 ao amin'ny " Congrès des Etats-Unis ", niresahina ny " AGOA ".**


PRIERE AU SACRE CŒUR



*Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.*

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

GCL 785/2-2 30/03/24 NGANE et famille



TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Lomano - Mada /25m

# Fe-potoana tsara indrindra 3 no montsana

*Nisy ihany koa ny fanatsarana fe-potoana iray, izay vitan'i Baritiana.*

Hifarana anio etsy amin'ny dobo filomanosan'ny Esca Antanimena, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny dobo filomanosana 25m. Nandritra ny 2 andro voalohany,fe-potoana 3 tsara indrindra teto Madagasikara no montsana, voalohany tamin'izany ny teo amin'ny 50m dos, izay vitany tao anatin'ny 30.32 raha 30.55 no fe-potoana nahavitany izany tany Kazan(29/10/21) ; Teo ihany koa ny 200br, izay vitan'i Malalasoa Andrianirina(2.48.70) raha 2.49.63 no nahavitan'i Stephanie izany teo aloha. Ho an'ny 200br lehilahy ihany koa dia vakin'i Jonathan Raharvel ny fe-potoana tsara indrindra (2.18.33) raha 2.19.29no nahavitan'i Jena Luc izany tamin'ny taona 1997. Nisy ihany koa ny fanatsarana fe-potona, izay teo amin'ny 200pap sokajy cadet. Nohatsarain'i Baritiana Andriampenomanana ho 2.14.59 ny 2.18.30 fe-potoana nahavitan'i Lalanomena tamin'ny 29 febroary 2015 to amin'ny dobon'ny Esca hatrany. Raha hiverenana, somary nisy fahatarana kely ny fanombohan'ny fifaninanana tamin'ny alakamisy andro voalohany, noho ny olana tamin'ny fampiasana ireo « logiciel » saingy nilamina ary nizotra tsara izany hatramin'ny omaly. Nisy ihany koa ny fifaninanana « Masters » omaly, ka ny maraina ny fifanitsanana, izay nitohy ny hariva ny famaranana. Mpilomano miisa 405 no nandray anjara tamin'ity fifinanam-pirenena ity avy amin'ny ligin'Atsinanana, Boeny, Analamanga, Vakinankartra, Alaotra Mangoro Matsiatra ambony.

**Rabenaivo**

# PASI PASI

Rafalimanana Tolotra

# Sady manao Jiu-jitsu no mpikatroka Judo koa izy mianakavy

*Fianakaviana mpanao Jiu-Jitsu sy Judo indray no vahinintsika eto amin'ny PASI-PASI anio. Raha ireo Ray aman-dReny hatrany no manome fanazavana sy mamaly ny fanontaniana napetrakay, miavaka ny tamin'ity satria dia ny zanany vao 10 taona monja no nandray ny andraikitra ary dia voalazany hatramin'ny farany izany.*

***Gazetiko :*** Anarana feno an'i Mamanareo na dadanareo ilay mpanao JJB io

***Mishaël Jessie*** : Rafalimanana Tolotra, dadanay

***Gazetiko :*** Firy taona izy izao dia mbola manao JJB ve, ao amin'ny klioban'iza ?

***M.J :*** 38taona izy, mbola manao jiu-jitsu brésilien ao amin'ny club BJJ ESCA

***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona izy no nanao JJB ?

***M.J :*** 34 taona izy nanomboka nanao JJB

***Gazetiko :*** Firy ny zanany, iza avy dia manao JJB daholo ve ?

***M.J :*** Roa ny zanany, ilay zokiko manao Judo fotsiny, izaho sady manao Judo no manao JJB

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny rànareo zanany ary tonga dia tianareo ho azy ny JJB ?

***M.J :*** Tsy noterena aho nanao JJB, efa manao judo ao amin'ny esca ihany koa fa ny niantomboako noentin'ny dadanay nanaraka azy nanao fanazarantena JJB , dia nahita azy nanakenda olona dia lasa tiako ilay izy, dia tonga dia nanao JJB koa.




**Tena miaina anatin'ny fanatanjahantena tanteraka ity fianakaviana ity.**

***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanany ?

***M.J :*** Mbola tsy nisy voaantso handrafitra ny ekipam-pirenena fa manantena aho ho voaantso any aorina any.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao JJB nareo sy ny Ray aman-dreninareo izany ?

***M.J :*** Mahafinaritra be ilay manao JJB miaraka amin'ny dadanay, rehefa sahirana amin'ny hafa sensei dia dadanay manoro ahy dia mora azoko izay teknika ampianarina satria izy manoro imbetsaka raha misy tsy azoko. Manam-paharetana ihany koa dadanay raha misy tsy azoko

***Gazetiko :*** Ankoatra ny JJB, inona no fialambolinareo mianakavy ?

***M.J :*** Ankoatran'ny JJB dia manao judo ao amin'ny esca ihany izaho sy zokinay ary dadanay dia manao sary be koa aho.

**Rabenaivo**

AJESAIA - " Tournoi National des Jeunes Footballeurs"

# Ekipa 16 no miatrika ny fifaninanana any Ambatolampy



**Jasmina Ravelonarivo, Filoha Nasionalin'ny AJESAIA sy ny mpiara-miasa aminy.**

Tafaverina any Ambatolampy, ao anatin'ny faritr'i Vakinankaratra, ny fanatanterahana ny andiany faha-23 amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny AJESAIA amin'ny baolina kitra, rehefa notanterahina farany tany antoerana tamin'ny taona 2014. Ekipa 16 no mandray anjara amin'ny fifaninanana, izay ahitana sokajin-taona latsaky ny 11 sy 13 ary 15 taona, miampy ny " Senior " lehilahy sy vehivavy. Mifaninana ao anatin'ny sokajy latsaky ny 11 taona zazalahy ny ekipan'ny AJESAIA Itaosy - DATIM Amparafaravola - FCG Antananarivo - AJESAIA 104 (Ambatolampy). Ao anatin'ny sokajy latsaky ny 13 taona kosa no ahitana ny ekipan'ny AJESAIA 104 - CFFJA - DATIM - AJESAIA Itaosy . Toy izao kosa ireo ekipa hifandona ao anatin'ny sokajy latsaky ny 15 taona : AJESAIA 104 - CFPL - USCA Carion - AC HEVAN Ambohimandroso - FC VIVA Antehiroka - Espoir 104 - DATIM Amparafaravola - CFFJA - AJESAIA Bongolava. Ho an'ny sokajy vaventy " Senior OPEN " dia hifampitana ao anatin'ny ekipa vehivavy ny FC JIM TANA IV - UNI 104 - AJESAIA 104 - CFFJA - AS Fanalamanga Alaotra Mangoro. Ekipa enina kosa no mifaninana amin'ny " Senior " lehilahy dia ny NTF Ambatolampy - DATIM - FC VIVA Antehiroka - Commune Ambatolampy - FC Tsaralaza Manjakandriana. Ny kianja natokana ho an'ny olona sivy no ilalaovan'ny sokajy latsaky ny 11 sy ny 13 taona, raha toa kosa ka ho an'ny olona iraika ambin'ny folo toy ny mahazatra ny an'ny sokajy latsaky ny 15 taona sy ny " senior ". Marihina fa samy hafa ny fe-potoana ilalaovana isaky ny sokajin-taona. Taorian'ny filaharambe, niainga tany amin'ny CEG Ambatolampy, misy ny " Village des Jeux ", nampiantranoana ny ekipa ivelan'Ambatolampy, dia nanomboka avy hatrany ny lalao fifanintsanana tsy mihato, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 31 martsa 2024 hanaovana avy hatrany koa ny dingan'ny famaranana (lalao ampahefadalana). Ny androtry ny alatsinainy 01 aprily 2024 no hanaovana ny lalao antsasa-dalana sy ny famaranana, ahafantarana ny ekipa hibata ny amboara sy ny medaly ho zaraina amin'izany. Ankoatra ny amboara sy ny medaly ho zaraina amin'ny mpandresy sy ny tompondaka lefitra dia hahazo ny anjara lokany koa ny mpilalao mpampidi-baolina betsaka sy ny mpiandry tsatoby mendrika, izay tsy nidirambaolina betsaka tao anatin'ny haratony. Anterina fa izao fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny AJESAIA andiany faha-23 izao no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasan'ny Kaominina Ambatolampy sy ny CISCO, ary ny Polisimpirenena sy ny mpitsara lalao DRA any an-toerana. Ao anatin'ny hafaliana tanteraka no handraisan'ny mpitia kitra any amin'ny faritr'i Vakinankaratra an'ity fifaninanana ao amin'ny kianja manara-penitra ity, izay tsy fahita firy hoy ny fanamboarana voaray ka hiriany ny hisiany matetika hivelaran'ny taranja any aminy.

**aris rafaly**

Kitra - Section Ambatolampy

# Tsy misy ny fifaninanana

Noho ny olana tamin'ny fifidianana an'izay ho mpitantana ny Section Ambatolampy dia tsy misy ny fifaninanana amin'ny baolina kitra any antoerana noho ny tsy fisian'ny mpitantana. Araka izany dia maneho ny alahelony sy ny fahatezerany mihitsy ny klioba maro, izay tokony hiatrika ny fifaninanana any amin'ny " Section " misy azy ka manaitra ny sain'ny tompondraikitry ny Federasionina hijery akaiky sy hamaha ny olana mianjady amin'ny baolina kitra any aminy. Noho ny tsy fisian'ny fifaninanana ampanaovin'ny Section dia hetsika ataon'olon-tsotra sisa no mampihodina ny fifaninanana amin'ny baolina kitra any amin'ny kianja manarapenitra, izay voalaza fa mahavory mpijery maro tokoa. Ankoatra an'izany dia misy fiantraikany ho an'ny mpitsara lalao ao anatin'ny " Direction Regionale des Arbitres " any Ambatolampy koa ny tsy fisian'ny fifaninanana. Soa ihany hoy ny filohany, Atoa Andrianarisoa Albert Michael fa misy ny fifaninanana karakarain'ny olon-tsotra ampiasain-dry zareo ny talentany. Nisaorany mihitsy ny mpitantana ny AJESAIA tamin'ny fikarakarana ny " Tournoi National "-ny nampiasany ny traikefa sy nivelaran'ny fahaiza-manaony mandritra ny andro vitsitsy, anaovana an'ity fifaninanana ity. Ny olana amin'ny fifidianana amin'ny baolina tahaka izany dia mbola anisan'ny mampandringa amin'ny fitantanana sy ny fampivelarana ary fampandrosoana an'ity taranja ity.

**aris rafaly**

Judo - Mada 2024

# Nisongadina hatrany ireo kalaza

*Tafatsangana tamin'ny fomba ofisialy ny kaomisiona nasionaly ho an'ny Vétéran.*


**Mbola nisongadina hatrany ireo kalaza tamin'ity andiany ity.**

Nifarana ny alakamisy teo tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara 2024, ho an'ny taranja Judo. Saika norombahan'ireo judokas sangany hatrany ny anaramboninahitra na dia hita ho efa manohitra aza ny hafa. Toy ny mahazatra, nisy indray ny fampiakarana grady tamin' ity taona ity, ka miisa 5 ireo nahazo izany dia Andriamiharivolamena Zavamanitra (1er dan), Rabemiarana Ramanetaka Mahatoky (2ème dan), Rakotonindrina Olivier Pascal(2ème dan), Rasoloson Andriniaina Randy (3ème dan), Rasamoelina Joharinavalona(3ème dan). Tafatsangana ary nambara tamin'ny fomba ofisialy ihany koa ny fitsanganan'ny kaomisiona nasionaly ho an'ny Vétéran, ka fiaraha-mitantanana eo amin'ny Me Mamy Dongoza Rasolondraibe, Me Luc Rasoanaivo Razafy sy Me Naina Vestalys no mitarika izany. Manaraka ny rafitra anatin'ny Direction Technique Nationale izany, izay hisahana ny fampandrosoana sy hikarakara ireo hetsika natokana ho an'ny Vétérans, toy ny fifaninanana, fampiofanana, fiarahana manao fanazarantena miaraka sy ny fihaonana ho azy ireny. Nandritra ity fifaninanam-pirenena ity ihany koa no nomezam-boninahitra an'i Me Heriniaina Vestalys , izay nandrombaka medaly alimo nandritra ny fiadiana ny tompondaka eran-tany ho an'ny sokajy vétérans.

Ireto avy ireo tompondakan'i Madagasikara. Minime -36kg : Rabarison Olivia. (-40Kg) : Rakotovelo Mirindra. (-44kg) : Razafindratsimba mihanta. (-48kg) : Andrianiaina Allyah. (-52kg) : Randrianarivony Hajasoa Fihobiana. (-57kg) : Rakotomalala Lahatra. (-63kg) : Ejaniaina Ny Avo Prisca Lianah. Cadet (-40Kg) : Rakotonasolo ny aro maharitra. (-44kg) : Ranoamanantsoa Nirina. Cadet (-48kg) : Niando Thierry Luciah. Cadet (-52kg) : Razafindratsimba Alinia. Cadet (-57kg) : Benandro Roumaica. Cadet (-63kg) : Ravelomanantsoa Laurelie Lindsay. Cadet (-70kg) : Rarivojaona Miotisoa Fitafiana. Junior (-48kg) : Raolitiana Larissa Celestine. (-52kg) : Ramorasata Idealisoa. (-57Kg) : Randraianantenaina Harisoa Angela. (-63kg) : Niando Thierry Jocyah. Lehilahy /Minime (-34Kg) : Harena Sarobidy Rajoniaina, (-38kg) : Andrianaivosoa My Aro Natiora. (-42kg) : Andrianiaroniaina Johan. (-46Kg) : Andriamitandrina Mana Tsiresy. (-50kg) : Randimbimaharo rudy. (-55Kg) : Randimbisoa Tafita. (-60kg) : Andrianifahanana Fenitra. (-66Kg) : Andrianirina Thony. (-73Kg) : Rabetafika Nathanael. Cadet -50kg : Randrianasolo reno. (-55kg) : Rorison Sitraka. (-60kg) : Ravelojaona Yves Yohan. (-66kg) : Rakotomalala Sandaniaina. (-73kg) : Said Hasimbola Willan. (-81kg) : Said Rickey Jayson. (+90kg) : Tafita Michel. Junior -60Kg : Ralevazaha Kenny Emilson. (-66kg) : Ralevazaha Kevin Emilson. (-70kg) : Tsimiankina krista johanah. (-73kg) : Rakotonirina Hariniaina Olivier. (-81kg) : Said Rickey Jayson. (+100kg) : Tafita Michel. Senior vehivavy (-48kg) : Razafindrakalo Natacha Emiliame. (-52kg) : Ramorasata Idealisoa. (-57kg) : Rakotovao Narindra Herintsoa. (-63kg) : Ralalaharisoa Frederica. (-70kg) : Isilo Aicha Chicas Deborah. (-78kg) : Rasoanaivo Miora Arontsoa. (+78kg) : Ramiandrisoa Ramilavonjy Haingo. Lehilahy. (-60Kg) : Rakotonandrasana Hyacinthe Angelo. (-66kgà : Rasoanaivo Razafy Lucas Sandy. (-73Kg) : Randrinsolo Lova Mahaisoa. (-81kg) : Ranaivoarisoa Fetra. (+100kg) : Tolinanntenaina Marco Lebrun. **Rabenaivo**

Telma

BAISSE DU TARIF DES OFFRES INTERNET MOBILE : LA NEUTRALITE DE L'INTERNET DEVIENT REALITE A MADAGASCAR

Madagascar est l'**un des pays les mieux connectés d'Afrique** et figure désormais parmi les nations proposant **les tarifs Internet les plus bas** du continent. Conscient de l'importance croissante de l'Internet dans le quotidien des Malagasy, TELMA poursuit sa mission de **faire de chaque Malagasy un citoyen du monde numérique**.

Telma vous présente son nouveau catalogue d'offres Internet effectif à compter du 28 Mars 2024. Nos nouvelles offres Internet mobile sont plus généreuses offrant **pour le même prix encore plus de volume**, et donnant l'**accès à l'Internet global**, quels que soient les sites ou applications utilisés.

Mais ce n'est pas tout, Telma est conscient que l'inclusion numérique à Madagascar dépend d'un Internet démocratisé par des smartphones toujours moins chers.

Aujourd'hui, TELMA est fier de proposer à toute la population Malagasy **le smartphone 4G le moins cher d'Afrique**, avec le **I FEEL PRIME** à 89 000 Ariary TTC seulement. Tous les Malagasy pourront ainsi accéder pleinement à la meilleure qualité Internet du pays* sur le **réseau 100% 4G** de TELMA.

Cette démocratisation des offres Internet mobile favorise le développement d'une économie numérique nationale dynamique à travers :

- La **diversification des applications et des services mobiles**, stimulant l'innovation dans les domaines tels que les services financiers mobiles et les plateformes d'éducation mobile,
- L'**accès égal à tous les services en ligne**, la large variété de ressources en ligne permettant le développement des compétences numériques chez les utilisateurs de téléphones mobiles,
- L'**entrepreneuriat** permettant aux petites entreprises et aux startups de proposer des services digitaux et de toucher un large public via les applications mobiles.

De plus, par son soutien à l'école 42 (le plus grand réseau d'écoles d'informatique au monde, présente dans 30 pays, dont Madagascar**) et à toute la communauté des développeurs Malagasy, Telma s'engage à **encourager toutes les initiatives et tous les talents** ayant pour ambition de rendre les nouvelles technologies accessibles au plus grand nombre.

Nous vous remercions de votre confiance continue envers Telma. Vous pouvez découvrir les nouvelles offres Internet mobile sur **www.telma.mg** ou en appelant le **800**.

*Ookla Speedtest Award 2023 **www.speedtest.net/awards/mobile** | **Pour en savoir plus, rdv sur **www.42antananarivo.mg**

**#IsikaIray**

GCL 798/1-1

Fandalovan'ilay rivodoza Gamane

# Tafakatra 18 ireo namoy ny ainy, 45 240 ireo traboina

*Nandravarava tany amin'ny tapany Avaratry ny Nosy.*

Goavana ny takaitra navelan' ilay rivodoza Gamane. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), omaly tamin' ny 12 ora sy sasany antoandro, dia niakatra 18 ireo olona namoy ny ainy. Nisy maty 9 tao amin'ny faritra Analanjirofo, koa tao amin'ny distrikan'i Maroantsetra ny 7, tao amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra ny 1, ary tao amin'ny distrikan'i Vavatenina ny 1. 6 ireo maty tany Sava, koa tao amin'ny distrikan'i Vohémar ny 3, tao amin'ny distrikan'i Sambava ny 2, ary tao amin'ny distrikan'Antalaha ny 1. Tao amin'ny faritra Diana ireo 2 maty hafa, koa nisy 1 tao amin'ny distrikan' Ambilobe sy 1 tao amin'ny distrikan'Antsiranana II. Nahitana maty 1 ihany koa tao amin'ny distrikan'i Toamasina II, faritra Atsinanana. Nahatratra 45 240 ireo traboina. Tao amin'ny faritra Sava avokoa ny traboina 25 337 tamin'ireo, ka nisy 14 263 tao amin'ny distrikan'i Sambava, 7 446 tao amin'ny distrikan'Antalaha, 3 598 tao amin'ny distrikan'i Vohémar, ary 30 tao amin'ny distrikan' Andapa. Nahitana traboina 15 245 ny tao amin'ny distrikan'Ambilobe, faritra Diana. 4 658 ireo traboina tao amin'ny faritra Analanjirofo, ka tao amin'ny distrikan'i Maroantsetra ny 4 649 ary 9 tao amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra. Voatery tsy maintsy nafindrana toerana ny 19 315 tamin' ireo traboina ireo noho ny fiakaran'ny rano. Nisy trano 8 774 dibo-drano tany amin'ireo faritra voakasiky ny ranobe, ary mbola nisy trano 646 potika tanteraka. Nitondra takaitra ihany koa ny fotodrafitrasam-pampianarana. Efitran-tsekoly miisa 8 no niongotra tafo tanteraka tao amin'ny distrikan'i Vohémar, ary 26 hafa nisy fahasimbana. Potika hatramin' ny seha-pamokarana, satria tanim-bary 1 698 Ha no tondraky ny rano (348 Ha tany Diana, ary 1 350 Ha tany Sava).

**R. Muray**

Toetry ny andro

# Hidina ny mari-pana mandritra ny fetin'ny paska

Ho an'ny eto amin'ny faritra Analamanga sy ny manodidina, nambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa hidina kokoa noho ny efa misy amin'izao ny mari-pana mandritra ny fetin'ny paska. Mila miomana amin'ny akanjo mafana noho izany izay mikasa ny hivoaka indrindra ny maraina. Mandritra ny alahadin'ny paska, handrahona ihany koa ny andro ny maraina saingy misava izany amin'ny antoandro ary hibaliaka ny masoandro. Ny hariva kosa, handrahona mety hanerika indrindra any amin'ny tapany atsinanan'Analamanga toa an'i Mantasoa sy Andramasina, Manjakandriana ary Anjozorobe. Ny alatsinain'ny paska kosa, mbola handrahona ny andro ho an'ny eto Analamanga sy ny tapany atsinanana raha ho maina kosa ny andro any Andrefana. Ny tolakandro indray hisy ny erika indrindra ny takariva. Mihamatevina izany ary mety hatevina mihitsy aza ny alina ho an'ny tapany atsinanan' Analamanga. Mitovitovy amin'izay ihany koa ny mandrafitra ny toetry ny andro any Vakinankaratra sy Itasy mandritra ity faran'ny herinandron'ny paska ity.
Omaly zoma, mbola nisy ny fampitandremana amin'ny habetsaky ny orana sy ny alondrano ary ny rivotra saingy nisinda tsikelikely izany. Ny azo antoka, efa tsy hisy fiantraikany amin'ny toetry ny andro amin'ity faran'ny herinandro ity intsony ilay rivodoza izay nitondra rotsak'orana betsaka tany amin'ny tapany avaratra sy atsinanan'ny Nosy iny.

**Nath**

Antsirabe

# Natomboka tamin'ny asa sosialy roa sosona ny STAR Tour

Hetsika sosialy roa sosona no nanombohan'ny Star ny hetsika Star tour any Antsirabe. Ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, nanolotra « concentrateur d'oxygène » ho an'ny hopitaly Ave Maria, kojakojampiterahana ho an'ny reny ary koa boky Diary Nofy ho an'ireo zaza tsaboina ao amin'ny hopitaly ny tolakandron'ny alarobia 27 martsa teo. Nisokatra araka izany ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny STAR sy ny hopitaly Ave Maria mba hisian'ny tetikasa maharitra iarahana. Ny ekipan RSE avy amin'ny STAR sy ny solontenan'ny mpiasa avy any Antsirabe no niara-nanatontosa ireo hetsika nifandimby ireo. Ankoatran' izay, nisy ihany koa hetsika mikajy tontolo iainana notanterahina ny alakamisy 28 martsa 2024. Nisy ny fitsidiham-paritra natao ny marainan'ny alakamisy 28 marsa ka tanjona ny hanairana ny sain'ny besinimaro amin'ny fanjifana tompon'andraikitra amin'ny alalan'ny tetikasa Kopakelatra. Ny marainan' ny sabotsy 30 marsa kosa no hotokanana ny toerana fanangonana vaovao noho ny fiaraha-miasan'ny Star sy ny tobim-pamokarana Total Bira ao Mandaniresaka. Misy hetsika misy loka azo alaina ao amin'ity toerana fanangonana vaovao ity ho an'ireo olona voalohany manary ny tavoahangy plastika efa nampiasaina. Iarahamalala tokoa fa anisan'ny fako tsy mety simba na loa ny fako plastika indrindra ny tavoahangy. Izy ireny anefa azo trandrahina ho lasa zavatra hafa fa tsy voatery ho ariana hanetsina tatatra sy manimba tontolo iainana fotsiny.



**Misy ny hetsika fanentanana sy fanangonana ireo tavoahangy plastika natao ny alakamisy teo.**

**Nath**

## Taratasy ho an-dRamala

### Rano...!

Any Ramala,

Tato anatin'ny andro vitsivitsy izao dia resaka rano indray no anisan'ny vaovao nibahana teto an-tanindrazantsika Ramala. Rano atsy, rano aroa ! Ny tena marina dia niakatra ny rano ary niaina tao anatin'ny tondradrano ny tanàna tamin'ireo faritra maro nanerana ny tanintsika. Tsy noho ny inona fa vokatr'ilay andro ratsy nitondra orambe tamin'ireo faritra niharan'izany. Ankoatry ny aina nafoy dia nandrava zavatra betsaka ny ranon'orana sy ny rano. Vokatr'izany, maro ny lalam-pirenena simba sy ny fifamoivoizana tapaka ka anisan'izany iny amin'ny tapany avaratra iny. Fa hono ho aho Ramala, fifanojoan-javatra ve sa ahoana ? Na io tondradrano voalaza teo aloha io, na ny fanamarihana ny tsingerintaonan'ilay raharaha nandripahan'ny Vazaha ireo nitaky fahaleovantena teto amintsika dia samy misy resaka rano daholo. Misy zavatra tsy aritra manitikitika ny saina sy mampametrapanontaniana ity. Tena marina tokoa ve Ramala ny voalazan'ny olona fa anisan'ny namporisika ireo mpiray tanindrazana tany aloha sahy niady tamin'ireo Vazaha ireo hono dia satria nasaina nino izy ireo fa misy mahay " ody basy " ka rehefa mitifitra ny Vazaha dia miteny fotsiny hoe " rano ! rano ! " dia tsy mahavoa ny basy ? Dia tena nahomby tokoa ve ? Asa aloha fa ny fantatra dia nisy ireo tia tanindrazana voatifitra maty tamin'izany. Toa izany mihitsy aza Ramala no nahabetsaka ireo maty tamin'izany. Sanatria ve izany minomino foana izy ireo ? Misy koa ny milaza fa nisy nanota fady, hono tao ka izany no tsy nampandaitra azy. Samy miara-mahalala izao fa mandry tsy lavoloha ireo mpiray tanindrazana amintsika monina any ambanivohitra vokatry ny afitsoky ny dahalo sy ny asan-jiolahy. Raha mbola marina sy mandaitra ve fa misy mahay ody basy izany Ramala amin'izao andro iainantsika izao, any amin'ireny tanàna ambanivohitra eto amintsika tafihan'ny dahalo mirongo basy ireny tsy miteny fotsiny ve izy hoe " Rano, rano " dia mitsoaka ny mpangalatra omby ? Sa zavatra efa taloha izany ? Ny marina dia ny omby no " lasa rano ", izany hoe manjavona entin'ny dahalo mitsoaka ! Efa lava dia lava izay Ramala f'aleo faranana eo, amin'ny manaraka indray.

## Ragasy

Fitaterana

# Fiara 35 isan'andro mihazo an'Antsirabe ho an'ny Soatrans Plus

Amin'izao fotoana izao, misy fiara 35 isan'andro miainga avy eto Antananarivo mihazo an'Antsirabe ao amin'ny koperativa Soatrans Plus. Araka ny fanazavana nomen'ny tomponandraikitra ao amin'ity koperativa ity, fiara efatra isaky ny fiaingana ho an'ny premium ary telo kosa ho an'ny VIP. Isaky ny adiny iray anefa dia misy fiara miala foana eo Andrefan'Ambohijanahary ary tamin'ny talata izy ireo no tsy afaka nandray famandrihana intsony fa efa feno daholo ny toerana. Betsaka tokoa ny olona no nisafidy hihazo an'Antsirabe sy Ampefy amin'izao fialantsasatry ny paska izao. Sady akaiky kanefa betsaka ny toerana afaka tsidihina sy azo hialana voly. Hatramin'ny trano fandraisam-bahiny efa hipoka daholo ka tokony ho mailo raha amin'izao vao misafidy ny handeha any. Tsy izy ireo irery anefa no mampiasa fiara saingy aleon'ny maro mandoa sarandalana lafolafo kanefa azo antoka fa tsy maintsy mandeha. Etsy amin'ny Fasan'ny karana, manodidina ny 15 000Ar ny saran-dalana saingy somary misy sakoroka foana moa koa ny tsifandriam-pahalemana iarahana mahalala amin'izao ankatoky ny fety izao tsy milamina mihitsy. Rehefa sabotsy toy izao dia efa mifanaretsaka eny an-toerana ary efa misy ny fandraisan'andraikitra ataon'ny isan'ambaratongany amin'ny fandaminana indrindra ny eny amin'ny lalana eny hisorohana ny loza.

**Nath**

Association Mamiratra Antehiroka

# Ankizy sahirana 150 nisitraka fiofanana arak'asa

*Tonga dia miasa avy hatrany ny ankamaroan' ireo nahazo fiofanana tamin'ity andiany " Za mamiratra " ity, misy ihany koa no hikopakelatra any ampitandranomasina.*




**Nandritra ny famoahana an'ireo andiany " Za mamiratra " teny Mandriambero omaly.**

Ankizy sahirana miisa 150 avy amin'ny fokontany 9 eny Antehiroka no nahazo fiofanana arak'asa avy amin'ny « Association Mamiratra Antehiroka » nandritra ny iray volana sy tapany teo ho eo. Fiofanana manao « crochet », manao « femme de chambre » sy "vallé de chambre », ary famokarana zezika kankana no noratovin' izy ireo niaraka tamin'ireo mpampianatra matihanina avy amin'ny fikambanana. Omaly zoma 29 martsa no nivoaka tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny SK Mélody Mandriambero ireo ankizy nahazo fiofanana arak'asa ireo ary nozaraina mari-pahaizana mifanaraka amin'ny fiofanana nataony. Misalotra ny andiany « Za mamiratra », Nomarihin-dRamatoa Toky, filohan'ny Association Mamiratra nandritra ny lanonana, fa tonga dia afaka miasa avy hatrany ny sasany amin'ireo nahazo fiofanana. Toa izany ireo mpanadio trano « femme et valet de chambre » izay hiasa amin'ny hotely lehibe. Misy amin'izy ireo ihany koa no hiondrana any ampitandranomasina. Ary ireo ireo niofana hamokatra zezika kankana dia efa afaka mivelona tsara satria azo amidy 5 000 Ar ny kilao. Noho ny fidododododoan'ireo olona mitaraina amin'ny tsy fisian' ny asa, ka mba hitondra ho avy mamiratra ho azy ireo no antony nanaovana an'izao fanofanana arak'asa izao, hoy hatrany Rtoa Toky, Filohan'ny fikambanana Mamiratra. Maimaimpoana avokoa moa ny fiofanana nositrahin'izy ireo.

**Fianakavian'ny filoha Rajoelina**

Tazana nanohana sy nanatrika ny famoahana an'ireto andiny « Za mamiratra» ireto ihany koa ny finakavian' ny filoha Andry Rajoelina, ankoatra an'ireo olo-mpanjakana maro tonga teny antoerana. Isan'izany ny pasitera Voahirana Rajoelina, izay reny mpiahy ity andiany voalohany ity sady nitondra am-bavaka ny fikambanana sy ireo ankizy navoakany. Mbola nitsodrano an'ireto andiany « Zà mamiratra» ireto ihany koa i « Mama Olga », renin'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Nomarihin-dRamatoa Toky Randrianarivelo, fa efa niaraniasa akaiky taminy sy ny fikambanana tarihiny hatramin'izay ireto fianakavian'ny filoham-pirenena ireto. « *Misokatra amin'ny rehetra ny fikambanana ary afaka miara-miasa amin'ny fitondram-panjakana ihany koa ahafahana manampy sy mitondra ho avy mamiratra ho an'ny mpiara-belona* », hoy izy. Nampanantena moa ity farany, fa hoavy tsy ho ela ny andiany manaraka.

**Niry R.**

Jesosy Mamonjy Tsarahonenana

# Hisokatra manomboka ny sabotsy 30 martsa 2024 ho avy izao

Hisokatra manomboka ny sabotsy 30 martsa 2024 ho avy izao raha ny didy navoakan'ny fitsarana ny talata teo. Ny Prefektiora no nolazain'ireo mpino sy loholona fa tomponandraikitra tamin'ny fanakatonana ny fiangonana ary niantefan'ny fitoriana natao " nanao suspension izahay, izany hoe ahantona aloha ny fanakatonana an'io fiangonanay io. Ny fitsarana anay dia tokony hiandry ny didimpitsarana ka izay avoakan'ny didy eo no ekena. Ny zavatra hitanay dia ny ao amin'ny Prefektiora no nanao ny fanakatonana ny fiangonana ka miantefa any amin'ny Prefektiora ilay izy, satria izy no nanao azy", hoy Atoa Ramanohara Honoré, loholona eo anivon'ny fiangonana Jesosy Mamonjy. Nohamafisin'ity loholon'ny fiangonana eny Tsarahonenana ity fa tsy mitombona ny voalazan'ny Prefektioran'Antananarivo ka antony nahatonga ny fanakatonana. Fantatra fa ny alakamisy 21 martsa 2024 lasa teo moa no nametraka fitoriana teny amin'ny filankevipanjakana, mahakasika ny fanakatonana ny fiangonana Jesosy Mamonjy Tsarahonenana ireo: loholona sy mpino ao noho ny fanakatonana an'ity fiangonana ity ny alarobia 20 martsa 2024 teo.

*''Tokony hiandry ny didim-pitsarana ka izay avoakan'ny didy eo no ekena''.*

**Raharaha eny amin'ny fitsarana**

Nisy ihany koa ny fanakatonana vao haingana , tsy nisy « notification » kanefa izahay dia efa nanazava tamin'izy ireo hoe ity raharaha ity anie ka efa eny amin'ny fitsarana. Ity farany no arahintsika ka tsy misy an'izany fa manakatona fiangonana izy. Nanokatra fiangonana ny Prefektiora teo amin'ny roa herinandro lasa teo izay ka nosokafany io fiangonana izay nakatony io. Herinandro aty aoriana dia gaga izahay fa izy ihany koa no nanakatona izany. Ny fanidiana fiangonana dia misy antony lehibe : na io resaka « trouble public », na io misy fifandonana sy fifampikasihan-tanana eo amin'ny samy olona mpino, kanefa tsy nisy ady tao natao antony nanakatonana ny fiangonana", hoy hatrany Atoa Ramanohara Honoré, loholon'ny fiangonana Jesosy Mamonjy. Mitaky ny hanokafana ny fiangonana Jesosy Mamonjy eny Tsarahonenana amin'izao fiavian'ny Paska izao ireo mpino tonga marobe teny amin'ny lapan'ny fitsarana.

**HAR**

Avanamiarantsoa Tania

# Mirotsaka an-tsehatra manampy ireo sahirana

Tanora mandray andraikitra na dia vao erotrerony tokoa aza i Avanamiarantsoa Tania. Tsy misy tsy mahalala azy raha eny amin'ny boriborintany fahenina ato anatin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Mazoto manampy ny hafa, indrindra fa ireo olona sahirana, ny tenany. Matetika hita eny an-kianja manao asa sôsialy maro samihafa hanampiana ny mpiarabelona. Maro ireo asa fanampiana efa nataony tao amin'ny boriborintany fahenina. Anisan'ny asa nataony vao tsy ela ny fanavaozana ny trano fonenan'i bebe Janette teny Ankazomanga sy ny trano fonenan'i bebe Juliette teny Anosivavaka niaraka tamin' ny fanohanana hafa hoentin' ireto farany mampivoatra ny fiainany. Nisy koa ny fanampiana ireo fianakaviana maro rava trano teny Ankazomanga, ka nanolorana fitaovana nentina nanarenana ny fahavoazana rehetra. Ary tsy adinony toy ny efa fanaony mahazatra ny fandraisana anjara amin'ny fampisitrahana rano fisotro madio ny mponina eny amin'ity boriborintany ity amin'ny alalan'ny fanohanana ny saram-panjifana rano tamin'ny fokontany maromaro. Ankoatra ireo dia miara-miasa amin'ny fanomezana asa ny tanora ny tenany amin'ny alàlan'ny fikarakarana fampiofanana arak'asa. *"Trano atsimo sy avaratra, izay tsy mahalenkialofana. Entan-jaraina mora zaka. Izany no soatoavina malagasy, izay mila ny fifanohanantsika, indrindra eo amin'ny fiarahamonina. Efa hatramin'izay aho no tia manampy ny mpiara-belona. Tsapako ny fahoriana sy ny fijaliana iainan'ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy amin' izao vanim-potoana feno fahasahiranana izao ary efa niainako izany. Tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy. Fifanampiana araka izay vita no tokony hatao fa tsy fanenjehana. Miainga amin'ny eo am-pelatanana fa tsy miandry ny tonga lafatra vao miroso amin'ny fandraisana andraikitra."*, hoy i Avanamiarantsoa Tania. Nambarany fa mbola maro ireo tetikasa hotanterahina eo anivon'ny boriborintany fahenina.



**Avanamiarantsoa Tania (Voalohany ankavia) taorian'ny fanavaozana trano iray tao amin'ny boriborintany fahenina.**

**R. Muray**

Antanimbary - Maevatanàna

# Mahazo vahana ny lozam-pifamoivoizana

Manomboka mahazo vahana ankehitriny ny lozampifamoivoizana any Antanimbary an-tampon-tanàna, ato anatin'ny disitrikan'i Mevatanàna, isaky ny Alahady, izay andro tsena sy be olona mivezivezy sady tery rahateo ihany koa ny lalana vokatry ny hamaroan'ny mpivarotra amoron-dalana. Ny any amin'iny kaominina iny no betsaka olona mitondra mpivarotra sy mpandanja volamena noho izy toerana manana ny lazany amin'ny resaka volamena. Raha ny angom-baovao voarainay hatrany, dia ny Alahady faha-24 Marsa teo no nahitana lozam-pifamoivoizana, ka lehilahy iray atao hoe Christian no voafaokan'ny fiara kely " Express" avy any Fianarantsoa, hihazo any Mampikony, tokony ho tamin'ny folo ora alina teo no nisehoan'izany, rehefa niampita arabe ity farany. Nentina nalaky namonjy hopitalibe teto Maevatanàna ny lehilahy, ary efa nahazo fitsaboana sahaza ary tsy misy hatahorana ihany koa ny ainy. Rehefa hita fa salama tsara i Christian dia nihazo ny lalan-kizorana hatrany fiara. Ny heriny Alahady teo ihany koa dia mbola nahitana ankizy iray niampita "goudron" no vaodonan'ny fiara tsy mataho-dalana na" 4x4, fa mba tsy nisy naninona kosa, rehefa nahazo fitsaboana tao antoerana hatrany. Noho ireo lozam-pifamoivoizana ireo dia mangataka amin'ny tomponandraikitra tandrify rehetra ny mpampiasa ny lalana amin'ny lalam-pirenena fahefatra, indrindra rehefa andro tsena isaky ny Alahady ao Antanimbary, mba hijery vahaolana maharitra, makasika an'ireo olona mpivarotra amin'ny sisin'arabe, sao hiteradoza mahatsiravina.

**Ratantely**

## Sarisary zary tenany

*Tsy voavaly*




## Hatsikana an-tsary

*Odi-moka*




## Masoandro Miposaka

**2 KORINTIANA 13 : 4**


**Fa voahombo tamin'ny hazo fijaliana Izy noho ny fahalemena, nefa velona kosa noho ny herin'Andriamanitra. Fa izahay koa dia malemy ao aminy, nefa hiara-belona aminy ho anareo izahay noho ny herin'Andriamanitra.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mandady vita, mitsambikimbila.**

En rampant, on y arrive ; en sautant, on tombe de travers.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3209**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 5 | 3 | | 6 | 9 | |
| 1 | 6 | | | 9 | | 7 | | |
| | | | | | | | | 8 |
| | | 4 | | 2 | | 5 | | |
| 9 | | | | | | | | |
| | | 2 | | | 6 | | | |
| 4 | 7 | | | | | | | 3 |
| 3 | 5 | | 4 | | | 8 | 1 | |
| | 9 | | 8 | | | | | 5 |

Valin'ny laharana **3208**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 8 | 9 | 5 | 3 | 7 | 1 | 2 | 6 |
| 2 | 1 | 5 | 6 | 8 | 9 | 7 | 3 | 4 |
| 6 | 7 | 3 | 4 | 2 | 1 | 8 | 5 | 9 |
| 5 | 4 | 8 | 1 | 9 | 6 | 3 | 7 | 2 |
| 1 | 6 | 2 | 8 | 7 | 3 | 4 | 9 | 5 |
| 9 | 3 | 7 | 2 | 4 | 5 | 6 | 1 | 8 |
| 7 | 5 | 1 | 9 | 6 | 8 | 2 | 4 | 3 |
| 8 | 9 | 4 | 3 | 1 | 2 | 5 | 6 | 7 |
| 3 | 2 | 6 | 7 | 5 | 4 | 9 | 8 | 1 |

**HOTSAKOTSAKOINA**
"Hajao aloha ny safidiko mandra-pahafantatrao sy mandra- panamarinanao ny anton'izao safidiko izao."
Ny Vetso (15.1O.16)

Quatuor Squad

# Amin'ny 2025 indray vao hiaka-tsehatra



**Mampiavaka ny Quatuor Squad ny fahaiza-mifehy sy mamoaka ny hira taloha sy ny amin'izao vanim-potoana izao.**

Ny 9 marsa lasa teo no niaka-tsehatra tetsy amin'ny Ccesca Antanimena ny Quator Squad. Nisy hatrany ny akony tsara avy amin'ny mpankafy sy ny mpihaino isan-karazany mikasika ny seho nataon'izy ireo tsy ny teto an-toerana ihany fa hatrany ievlany ihany koa. Araka ny fanazavan'ny mpikambana iray mandrafitra azy ireo dia naato aloha ny seho an-tsehatra sy ny fampisehoana samihafa amin'ity taona ity fa hitohy indray izany amin'ny taona 2025. Maro ny antony nahatonga ny tarika handray io fanapahan-kevitra io ka anisan'izany ny asa amanan-draikitra sahanin'ny mpikambana tsirairay any amin'ny misy azy azy any ka tsy misy intsony ny fotoana ahafahana manao famerenana iraisana. Ankilany, anisan'ny manahirana sy sarotra ihany koa ny fandrafetana ny hira iray ho azo lalaovina ambony sehatra. Tsy azo tendritedrena fotsiny amin'izao ny mozika, indrindra ny mozika Klasika lalaovina fa misy fenitra tiana takarina ao. Tsy mora ihany koa ny mampivady ny mozika Klasika sy ny hira fahiny teto Madagasikara kanefa ireny no tena mahababo ny fon'ny olona sy ankasitrahan'ny mpankafy. Anisan'ny mampiavaka ny Quatuor Squad mantsy ny fahaiza-mifehy sy mamoaka ny hira taloha sy ny amin'izao vanim-potoana izao. Lalaovin'izy ireo avokoa ny hira malagasy sy hira vahiny. Ankoatra ny fampisehoana mandeha irery izay ataon'ny tarika dia miara-miasa amin'ny mpanakanto hafa izy ireto.

Ny taona 2023 no tena niaka-tsehatra matetika ry zalahy ireto. Anisan'ny niavaka tamin'izany ny seho nataon'izy ireo tany ivelany nandritra ny fitetezam-paritra tany Eorôpa. Tanandehibe maro no nanehoan'izy ireo ny talentany sy nizarany ny harenan'ny mozika malagasy toy ny tany Paris, Grenoble, Belzika, Francfort, Munich ary Berlin. Fa ankoatra izay dia nisy ny fifanakalozam-baovao tamin'ireo mpampianatra mozika vahiny, ireo mpiray tanindrazana toa an'i Eric Manana.

**Tiaray R**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 612 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Mofo mangahazo

Zavatra ilaina : mangahazo 1kg, kobam-bary 100g, siramamy, menaka.

Fikarakarana azy: Kikisana ny mangahazo 1kg, manao paty tsy marihitra amin'ny kobambary 100g eo+ siramamy izay tiana. Arotsaka ao anaty mangahazo ny paty. Asiana menaka kely ny moule asiana azy, hafanaina, arotsaka ny siramamy kely rehefa mahazo loko dia arotsaka ao ny mangahazo voakiky sy ilay paty mifangaro. Asiana rano kely ny vilany be de alefa ao ilay moule misy mangahazo, afo malefadefaka. Tsindromina amin'ny fourchette, ka rehefa tsy misy manaraka dia vita. Avela hangatsiaka vao esorina.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**30 mars au 05 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

" Fikambanana Ambodivona sy Ambohimanandray miray hina "

# Nanohana ny fankalazana ny faha-5 taona nijoroany ny depiote Todisoa



**Miahy ny fikambanana Ambodivona sy Ambohimanandray miray hina ny depiote Todisoa.**

Tontosa teny Ambodivona Ambohimanarina omaly ny fankalazana ny faha-5 taona nijoroan'ny fikambanana Ambodivona sy Ambohimanandray miray hina. Ankoatra ireo lohandohany sy mpikambana an-jatony eo anivon'izany fikambanana izany, dia tonga nanome voninahitra ny hetsika ny depiote Todisoa Andriamampandry. Ny fandraisampitenen'ireo mpikarakara ny hetsika no nahafantarana fa isan'ny angady nanana sy vy nahitana nijoroan'io fikambanana io ity olom-boafidy TIM ity ary tsy nitsahana nhy niahy sy nanohana izany ka nahatonga azy amin'izao faha-5 taona izao. Rehefa nanontaniana ny antony nahatongavany sy nanohanany io fikambanana ion y depiote Todisoa dia nilaza fa isan'ny mampiray ny fokontany rehetra eny Ambohimanarina ny « fikambanana Ambodivona sy Ambohimanandray miray hina » ary mametraka ny firaisankina sy ny fihavanana ho zavadehibe ka mila tohanana izany satria làlana hahatongavana amin'ny tanjon'ny rehetra, dia ny hisian'ny fandrosoana izany.

**Tsara alain-tahaka**

« *Mahavelom-bolo io fikambanana io satria ny vahoaka eny ifotony mihitsy no miray hina sy mandray andraikitra ary manao adidy eny anivon' ny fiarahamonina, izay tsara alain-tahaka ho an'ny fokontany manerana an'i Madagasikara izany. Tsy mijanona amin'ny fankaherenana ireo donam-pahoriana ihany izy ireo fa mifanampy amin'ny sehetra hafa toy ny fanampiana ireo tratran'ny tsy fahasalamana sy fanohanana ireo tantsaha sy ny hafa ihany koa. Dia resilahatra ny tenako fa mendrika ampiana ireo olona ireo satria heveriko fa làlana hahatongana amin'ny fandrosoana izany firaisan-kina sy fihavanana ary fifanampiaina izany* », hoy ny depiote Todisoa Andriamampandry tamin' izany.

**Mamy R.**

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC
ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22


Telma
SOIS GIGA STYLÉ
Net
MONTH 25 000
4,5 GO
25 000 Ar TTC
Tapez le #322*8#
Offre valable 30 jours
RÉSEAU MOBILE
LE PLUS RAPIDE
DE MADAGASCAR
SPEEDTEST AWARDS
2023
GCL 799/1-1


LEVEL UP
PASSE AU NIVEAU SUPÉRIEUR AVEC LA NOUVELLE APP MVOLA
DÉCOUVRE LES NOUVELLES FONCTIONNALITÉS
FLIP TO HIDE
CARTE CADEAU
JUSTIFICATIF DE TRANSFERT
INTERFACE PERSONNALISABLE
Télécharge gratuitement sur
GET IT ON Google Play
Available on the App Store
TOUJOURS -50% SUR LES FRAIS DE TRANSFERT
GCL 763/1-1
Mon partenaire préféré
au quotidien
MVola